FITSIPIKA FOTOTRA MIFEHY NY FIRAISAN'NY SKOTISMA ETO MADAGASIKARA

(F.S.M)

## TOKO I : FIJOROANY - FAHARETANY - FOIBEN-TOERANY.

**And.1** : Hatramin'ny taona 1923 no niorenan'ny Skotisma teto Madagasikara. Fotoana samihafa no niforonan'ny karazam-pikambanana manao skotisma teto ary dia samy faritany am-pitan-dranomasina niray tamin'ny Frantsa izy rehetra.

Rehefa nahaleotena ireo fikambanana manao skotisma teto Madagasikara teo amin'ny manodidina ny 1958, dia nijoro ny "Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara" na ny F.S.M nanambatra ny :

Antilin'i Madagasikara ( A.I.M)
Fanilon'i madagasikara (F.I.M)
Mpanazava eto Madagasikara (M.E.M)
Tily eto Madagasikara (T.E.M)
Kiadin'i Madagasikara (K.I.M)

**And.2** : Tsy miandany amin'ny firehana ara-politika ary tsy miankina amin'Antoko Politika ny F.S.M, nefa kosa miray zava-kendrena ireo fikambanana ireo izay itovizany amin'ny Skoto eran-tany. Marihina ihany koa fa fehezin'ny Didy Hitsivolana Laharana 60 - 133 izay nivoaka ny 3 Oktobra 1960 ity F.S.M ity.

**And.3** : Tsy voafetra ny faharetany.

**And.4** : Ao amin'ny Foibem-pikambanana misy ny Filohany no ahitana ny Foibeny ary eto Antananarivo.

## TOKO II : FOTO-KEVITRA IJOROANY SY ZAVA-KENDRENY.

**And.5** : Miombona an-tsitrim-po ireo fikambanana ireo ary fitaovam-panabeazana tanora sy ankizy izay itovizany amin'ny Skoto eran-tany araka ny fotoitra namoronan'i Robert Baden Powel azy :

1- Handray anjara amin'ny fanabeazana ny Tanora Malagasy sy ny ankizy Malagasy amin'ny alalan'ny fanampiana azy ho tonga amin'ny fahafenoana sy ny fivelarana tanteraka ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy sy ara-pifandraisana amin'ny maha olona azy, amin'ny maha olon'ny Tanindrazana azy ary amin'ny maha olon'ny fiombonana azy isan-toerana eo amin'ny Firenena ary eo amin'ny iraisam-pirenena ;
2- Hampanjaka ny fifankatiavana eto an-toerana sy iraisam-pirenena ;
3- Hanatanteraka ny kevitra fototra niorenan'ny Skotisma arak'i Baden Powel ;
4- Fitiavana sy fanompoana an'i Madagasikara, mitsinjo hatrany ny fampanjakana ny fandriam-pahalemana, ny fifankazahoana sy ny fiarahamiaina eto amin'ny Firenena ary eran-tany ;
5- Fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ny fiaraha-monina ao amin'ny fanajana ny zava-boahary.

Ireo foto-kevitra ijoroany sy tanjona iratrariny ireo raha atao bango tokana dia mitaky adidy lehibe :

adidy amin'Andriamanitra : Finoana, fivelomana ary fanekena ny fanatanterahana ny adidy avy amin'izany ;

adidy amin'ny namana sy ny mpiara-monina ary ny Tanindrazana.

adidy amin'ny tena : fandraiketana sy fandraisana an-tanana ny fanabeazana sy ny fanondrotana ny tena.

## TOKO III : FOMBA FAMPANDEHANANA SY IREO RAFITRA AO AMINY ARY NY FAHEFANA ANANAN'IREO MAMBRAN'NY BIRAO.

### A- RAFI-PANDAMINANA

**And.6** : Toy izao ny rafi-pandaminana hita ao aminy :

Kolejy Federaly
Birao mpitantana
Fivoriambe

**Ny Kolejy Federaly :**

**And.7** : Filoha efatra atolotry ny isam-pikambanana no hivondrona hanorina ny Kolejy Federaly.

**And.8** : Ireo mambra ao amin'ny Kolejy federaly no mifidy izay ho birao ka manana solontena ao ny fikambanana tsirairay avy izay ny Filoha Iombonana isam-pikambanana.

And.9 : Mivory indray mandeha isan-telo volana ny Kolejy Federaly raha kely indrindra.

Ny fivoriana rehetra dia anaovany tatitra ary tsy maintsy andefasany koa ny olon'ny Kolejy sy amin'ireo Firaisan'ny Skotisman-paritany (F.S.P)

And.10 : Andraikitry ny Kolejy Federaly :

Toy izao ny andraikitry ny Kolejy :

Mandinika sy manapaka ireo volavolan-kevitra atolotry ny Birao. Mandinika sy manapaka ny teti-bolan'ny F.S.M. Mandinika sy manapaka ny teti-pifandraisan'ny F.S.M amin'ny Fanjakana sy ny Fikambanana hafa ; Mandinika sy manapaka ny fandraisana mpikambana vaovao amin'ny F.S.M. Mandrindra ny lahasa iraisana. Manangana vaomiera maharitra na vonjy maika mba handinika hevitra ilàna fanomanana sy fandinihana manokana. Ny olon'ny Kolejy no miandraikitra ny vaomiera. Tokony hanana solon-tena amin'ireny ny isam-pikambanana.

And.11 : Satria misy ny sampana ivondronan'ny zazavavy sy zazalahy :

ny an'ny zazavavy antsoina hoe : SKOTISMA ZAZAVAVY ETO MADAGASIKARA (S.Z.M) izay mandinika momba ny Skotisma Zazavavy ranofotsiny ary mifandray any amin'ny Birao iraisam-pirenena Skoto zazavavy any Londres ;

ny an'ny zazalahy dia antsoina hoe : FIRAISAN'NY SKOTISMA ZAZALAHY ETO MADAGASIKARA (S.Z.L) izay mandinika ny momba ny Skotisma zazalahy ranofotsiny ary mifandray any Genèves.

Ny mpikambana ao amin'ny "Kolejy Federaly" ihany no mitondra ny feon'ireo Sampana roa ireo fa tsy misy solon-tena hafa.

## Ny Birao Mpitantana

And.12 : Ny birao mpitantana dia ahitana :

Filoha (1)
Filoha Lefitra (1)
Mpitan-tsoratra (1)
Mpitan-tsoratra Lefitra (1)
Mpitam-bola (1)
Telo (3) taona ny fe-potoana iasan'ny birao ary azo fidina izay tao amin'ny birao teo aloha .
And.13 : Indray mandeha isam-bolana no fivorian'ny birao ka isaky ny ZOMA VOALOHAN'NY VOLANA.

### *And.14 : Andraikitry ny birao*

Mandinika sy mandamina ny raharaha ho entina eo amin'ny fivorian'ny Kolejy Federaly ary mitarika ny fivorian'ny Kolejy . Manapaka raha misy raharaha maika tsy afa-miandry nefa tsy maintsy anaovany tatitra izany amin'ny fivorian'ny Kolejy manaraka. Mifandray amin'ny Firaisan'ny Skotism-paritany manerana ny Nosy (F.S.P), mandrindra raha misy zavatra mamahirana ilàna azy. Mifandray amin'ny Fanjakana sy ny Fikambanana hafa ilàna izany.

## B- IREO FAHEFANA ANANAN'NY MAMBRAN'NY BIRAO

Filoha :

Misolotena ny F.S.M eo amin'ny fampiraharahana amin'ny Fanjakana rehefa nomen'ny birao fahefana hanao izany. Mandrindra ny fivoriana sy ny fihaonana rehetra karakarain'ny F.S.M. Manara-maso sy mandrindra ny asa rehetra ato amin'ny F.S.M . Mandray ny taratasy rehetra amin'ny anaran'ny F.S.M. Manao sonia ny taratasim-bola miaraka amin'ny Mpitam-bola.

Manome fahefana ny Filoha Lefitra amin'ny fotoana tsy ahafahany. Manao sonia ny taratasy rehetra ifandraisana amin'ny eto an-toerana sy any ivelany. no manao rangopohin'ireo lakelaky ny boky voarina raviny miaiolana ny tampisisana azy ireny.
eligné ny Kiraminina

Filoha Lefitra :

Misolo ny Filoha amin'ny fotoana tsy maha eo azy . Manara-maso ny fifandraisan'ny F.S.M amin'ireo Fikambanana samihafa. Mifandray amin'ny Firaisan'ny Skotismam-paritany manerana ny Nosy sy manao izay hampiroborobo azy.

Mpitan-tsoratra :

Mitahiry ny taratasy F.S.M rehetra (archives). Manatontosa ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana rehetra ary manao ny famtoana ny fivoriana rehetra . Mamaly ny taratasy F.S.M miaraka amin'ny Filoha . Manao ny fotopototry ny fivoriana rehetra (Birao, Kolejy, Fivoriambe).

Mpitan-tsoratra Lefitra :

Misolo sy manampy ny Mpitan-tsoratra amin'ny andraikiny. Manara-maso sy manatanteraka miaraka amin'ny Filoha ny fehim-pihavanana F.S.M . Manentana ny fandrosoan'ny asan'ny vaomiera.

Mpitam-bola :

Mitana ny bokim-bola sy ny kaontin'ny F.S.M. Manambara isaka ny telo volana ny fandehan'ny volan'ny F.S.M eo amin'ny Fivorian'ny Kolejy. Manao sonia ny taratasy famoaham-bola rehetra miaraka amin'ny Filoha ( na ny Lefiny). Miandraikitra ny raharaham-bola rehetra ato amin'ny

F.S.M. Manao ny vinavinam-bola (Budget) sy ny Kaontim-pamarana (Bilan). Mitana vola tsy mihoatra ny .75 000. Fmg. fa ny sisa rehetra dia tsy maintsy arotsaky ary amin'ny Kaontin'ny F.S.M.

Fomba fiasan'ny Birao :

And.15 : Faritan'ny Birao mialoha ny andro sy ny fotoana hivoriana mandritra ny telo volana ary zaraina amin'ny Fikambanana tsirairay izy. Tsy maintsy anaovana tatitra ny fivoriana rehetra. Tsy maintsy alefa herin'andro mialoha ny fivoriana ho avy ary ampahafantarina amin'izany hairany ny fivoriana manaraka sy ny laha-dinika.

Fifidianana ny mambran'ny birao :

And.16 : Miara-miandraikitra ao amin'ny birao ny Fikambanana mitambatra ao amin'ny F.S.M. Ny Filoha no fidian'ny Kolejy amin'ny latsa-bato miafina fa ny sisa kosa dia mifampizara andraikitra.

Ny fivoriambe :

And.17 : Ny Kolejy Federaly, ny Foibe, ny Biraon'ny F.S.M miampy ny kolejy isaky ny ambaratongan'ny F.S.P isam-paritany sy F.S.F no mandray anjara amin'ny fivoriambe.

And.18 : Isaky ny telo taona no hanaovana ny fivoriambe ka ny biraon'ny F.S.M no miantso sy mitantana ny fanatanterahana azy.

Azon'ny Birao hatao ny miantso fivoriambe tsy ara-potoana raha misy ny hamehana.

And.19 : Andraikitry ny fivoriambe :

Mihaino ny tatitra ny asa vita sy ny tatitra ara-bolan'ny F.S.M sy F.S.P mandritra ny telo taona . Mandinika sy mamaritra ny zava-kendrena sy tontosain'ny F.S.M mandritra ny telo taona.

## TOKO IV- FILATSAHANA HO MAMBRA - FIALANA - FANESORANA

And.20 : Raisina ho ao amin'ny F.S.M ireo fikambanana ankizy sy tanora mikarakara Skotisma eto Madagasikara nefa ny Kolejy Federaly no mandinika sy manapaka ny fandraisana na ny fimalana na ny fanesorana ny mpikambana vaovao rehefa nampahafantarina amin'ny fikambanana tsirairay. Ny fanapahana dia ataon'ny Kolejy Federaly amin'ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

## TOKO V- NY FIRAISAN'NY SKOTISMAM-PARITANY NA FARITRA

And.21 : Ny F.S.M dia manana rafitra izahoany :

isam-paritany na Firaisan'ny Skotismam-paritany (F.S.P)

isan-tanàna na koa Faritra antsoina hoe : Firaisan'ny Skotismam-paritra (F.S.F)

And.22 : Manana fitsipika an-tokan-tranony koa ireo rafitra ireo izay tsy maintsy ankatoavin'ny Kolejy Federaly.

And.23 : ny isam-pikambanana no manendry izay ho solontenany isaky ny rafitra

## TOKO VI- FIDIRAM-BOLA SY FANDANIANA

And.24 : Toy izao ny fidiram-bolan'ny F.S.M :

Latsakemboka (Cotisation) izay avy amin'ny fikambanana miray amin'ny ato amin'ny F.S.M ary voafetra ny fitsipika anaty . Fanampiana samihafa avy amin'ny Birao iraisam-pirenena, mpikambana tranainy na koa fanomezana avy amin'ireo malala-tànana ka nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Manam-pahefana. Ireo vokatra azo avy amin'ny fihetsiketsehana samihafa.

And.25 : Ny fandaniana samihafa dia izay voafaritry ny teti-bola ihany ;

Ireo fandaniana avy amin'ny lahasa tsy voatsinjo noho ny voina voajanahary. Ny volan'ny F.S.M dia mipetraka any amin'ny Kaonty Banky na C.C.P misokatra amin'ny anaran'ny Fikambanana.

## TOKO VII : FANOVANA ATAO EO AMIN'NY FITSIPIKA FOTOTRA SY NY FITSIPIKA ANATY EO AMIN'NY FOIBEN-TOERANY ARY NY ANARANA ENTINY

And.26 : Azo atao ny manova ny Toko sy ny andininy ato amin'ity fitsipika fototra ity raha lanieran'ny mpikambana amin'ny fivoriambe tsy ara-potoanan'ny Kolejy Federaly. Toraka izany koa ny amin'ny foiben-toerany ary ny anaran'ny Fikambanana.

## TOKO VIII - FAHARAVANA SY IREO FANANANA SISA TAVELA

mampihatra tanjona mitory aminy

And.27 : Raha misy ny faharavan'ny F.S.M, ny fananana sisa rehetra dia atolotra izay fikambanana/mijoro/ara-daiana izay tapahin'ny fivorian'ny Kolejy Federaly amin'ny fivoriambe tsy ara-potoana rhefa nialan'ny trosa rehetra.

## TOKO IX - NY AMIN'NY FANAPAHAN-KEVITRA SY NY FIVORIANA

And.28 : Raha misy Fikambanana izay tsy tonga nefa nandeha ara-dalàna ny fampahatsiahivana ary amin'ny fivoriana, ka tsy manapilaza ny tsy fahafahany hamonjy ny fivoriana dia azo atao ny mandroso ny fivoriana ary manapaka izay tonga.

And.29 : Raha misy ny filazana mialoha manambara ny tsy fahafahany : na hahemotra ny fivoriana na mivory ihany izay tonga fa tsy mandray fanapahan-kevitra. Amin'izay fotoana izay dia miantso fivoriana tsy ara-potoana haingana ka manapa-kevitra na firy na firy no tonga.

And.30 : Ho amin'ny fanapahan-kevitra : 2/3 ny nantsoina no tonga vao azo atao ny fivoriambe.

2/3 amin'ireo vaton'ireo mpivory kosa vao azo ekena ho lany ny fanapahan-kevitra.

## TOKO X - SAMIHAFA

Misy fitsipika anaty mameno izay banga amin'ity fitsipi-panorenana ity, izay nofaritan'ny Kolejy federaly

ANTANANARIVO, faha-24-7-1997

Ny Filoha

RASOANAIVO François Xavier